“Hisy olona any amin’ny faran’ny vahoakako hilaza aminareo zavatra izay tsy nohenonareo sy ny razanareo, koa tandremo tsara ianareo ny amin'izy ireo.”

Tatitra azo avy amin'i Abo Horaira (R.A), niteny ny Mpaminany (S.A.W) manao hoe : “Hisy olona any amin’ny faran’ny vahoakako hilaza aminareo zavatra izay tsy nohenonareo sy ny razanareo, koa tandremo tsara ianareo ny amin'izy ireo.”
[Mari-pototra] [Notantaraiin'i Moslim]

Ny Mpaminany (S.A.W) dia nampahafantatra fa hisy olona hiseho any amin'ny faran'ny vahoakany izay hamorona lainga sy hilaza izay tsy mbola nisy teo alohany, ary izy ireo dia hitatitra hadith diso sy noforonina. dia nandidy antsika ny Mpaminany (S.A.W) mba hanalavitra azy ireo ary tsy hiara-mipetraka aminy na hihaino ny resak'izy ireo. Mba tsy hiraikitra ao an-tsaintsika ilay resaka noforonina, ka tsy ho vita intsony ny hanala azy.

http://www.sunnah.global/hadeeth/mg/show/65076